## Raharaham-piangonana 15/08/2010

### Vaovaom-piangonana

- Noho ny fankalazana ny faha-25 taona ny FKMSM dia misy ny valopy efa nozaraina izay averina isaky ny fotoam-pivavahana hividianana fanamafisam-peo ho an'ny Fiangonana ho tsangambaton'ny Jobily.
  Ao koa ny boky amidy mitondra ny lohateny hoe « Ny Fiangonana kristiana ». Koa isaorana sahady ny fandraisantsika anjara.

- Toy ny fanao isan-taona dia hisy ny kermesy karakarain'ny fiangonana. Ka ny **11 Septambra 2010** no daty voafidy hanaovana izany. Ny toerana dia ao amin'ny Paroasy ao Chailly, Lausanne. Hisy koa ny takelaka tombola izay amidy 5.- FrS isany. Misy loka maro amin'izany ary ny telo voalohany dia "ordinateur portable", "camera numérique" ary "bon" mitentina 100 FrS.
  Efa afaka mieritreritra sahady ny zavatra hatolony hatao loka amin'ny kermesy sy ny sakafo (tsakitsaky) hamidy (dons) isika rehetra.

- Ny **Alahady 5 Septambra** izao dia natokana ho an'ny Mpitandrina. I pasitera Ntsoa moa no mpitandrina efa mahazatra antsika hatramin'izay fa nanomboka tamin'ity taona ity dia teo koa i Père Patrick Rakoto izay manampy amin'ny fotoam-pivavahana any Neuchâtel. Ka toy ny fanao dia hanao fanomezana hisaorana an'izy mirahalahy isika, satria na dia tsy manan-kery hikaramana azy ireo ny FKMSM dia mbola mazoto izy ireo manatrika sy mampiangona. Harotsaka anaty harona ny fanomezana ary izay rehetra foy dia azo omena : akanjo, valopy, sakafo, sns… Noho ny andraikitr'I Père Patrick amin'ny fiangonana any Jura dia tsy ho afaka ny anatrika ny fotoana any Genève izy ny 5 septambra ka ho tanterahana ny **alahady 29 aogaositra any Neuchâtel** ny fanolorana fanomezana ho azy.

### Fotoana manaraka

Toy izao ny fotoana manaraka.

- **29 Aogositra :** fotoam-pivavahana ao Neuchâtel (Paroisse de la Maladière)
- **5 Septambra :** fotoam-pivavahana ao Genève (Paroisse de Servette)
- **11 Septambra :** Kermesy any Chailly, Lausanne.

### Rakitra farany

| | | |
|---|---|---|
| Neuchatel | 25/07/2010 | 64.85 FrS |
| Genève | 01/08/2010 | 225.- FrS sy 22.- Euros |

### Vaovaon'ny sampana

***Fanasina***

Ny fotoanan'ny Fanasina manaraka dia amin'ny **25 Septambra** any amin'i Monique Razaname any Martigny. Hisy ny fanaovana bain thermal sy la marche (tsy mety laotra ho an'ny kely anaka).